## MINISITERAM-PANJAKANA AMIN' NY FAMBOLENA SY NY FAMPANDROSOANA NY AMBANIVOHITRA

Noho ny didim-panjakana laharana faha-94-020 nataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta, tamin' ny 11 janoary 1994, ny fepetra voalazan' ny andalana faha-2 amin' ny andininy faha-2 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-283 tamin' ny 26 febroary 1992 mikasika ny fisahanana ny fitsaboana ny biby sy manangana holafitry ny *docteurs vétérinaires* eto amin' ny firenena, dia ahitsy toy izao manaraka izao:

*Tsy hoe :*

2. – ..........

"Ankatoavina ho mari-pahaizan' ny *vétérinaires* ny mari-pahaizana izay manamarina aorian' ny *baccalauréat*, ny fianarana nandritra ny dimy taona farafahakeliny natokana indrindra ho amin' ny farmasia ivarotana fanafodim-biby sy ny fandidiana ny biby ary ho amin' ny toekarena momba ny fiompiana."

*Fa vakio hoe :*

2. – ..........

"Ankatoavina ho mari-pahaizan' ny *vétérinaires* ny mari-pahaizana izay manamarina aorian' ny *baccalauréat* sy ambaratongam-pianarana maharitra roa taona, ny fianarana mandritra ny dimy taona farafahakeliny natokana indrindra ho amin' ny farmasia ivarotana fanafodim-biby, ny fitsaboana sy ny fandidiana ny biby ary ho amin' ny toekarena momba ny fiompiana."

(Ny sisa tsy misy fiovàna).

---

### Fananan-tany

Noho ny didim-panjakana laharana faha-94-263 nataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,tamin' ny 19 aprily 1994,foanana ary dia foana ny fepetra voalazan' ny didim-panjakana laharana faha-88-119 tamin' ny 15 marsa 1988, anambarana fa fanasoavam-bahoaka ny asa fanamboarana toby miaramila iray ao Andrefan' Ambohijanahary, Antananarivo-Renivohitra, amerana ny fakan' ny Fanjakana amin' ny alalàn' ny raharaham-pihavanana na ny fanesorana amin' ny tompony ny fizakana tany na sombin-tany ilaina amin' ny fanatanterahana izany asa izany ary mitoetra ho taratasim-panjakana ahazoana mandray azy.

---

## MINISITERA DELEGE AO AMIN' NY PRIMATIORA, MPITAHIRY NY KASEM-PANJAKANA, MIANDRAIKITRA NY RAHARAHAM-PITSARANA SY NY FIFANDRAISANA AMIN' NY ANDRIM-MPANJAKANA

Noho ny didim-panjakana laharana faha-93-1005 nataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta, tamin' ny 21 desambra 1993, foanana ary dia foana ny didim-panjakana laharana faha-88-182 tamin' ny 3 mey 1988 anendrena ny Talen' ny momba ny làlana sy ny fifanolanana amin' ny Fanjakana.

## MINISTERE D'ETAT A L'AGRICULTURE ET AU DEVELOPPEMENT RURAL

Par décret n° 94-020 du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, en date du 11 janvier 1994, les dispositions de l'alinéa 2 de l'article 2 du décret n°92-283 du 26 février 1992 relatif à l'exercice de la médecine vétérinaire et portant institution d' ordre national des docteurs-vétérinaires sont rectifiées comme suit :

*Au lieu de :*

2. – ..........

"Sont homologués comme diplôme de vétérinaire les diplômes sanctionnant, après le baccalauréat, au moins cinq années d'études exclusivement consacrées à la pharmacie vétérinaire, à la médecine et à la chirurgie des animaux, et à l'économie de l'élevage."

*Lire :*

2. – ..........

"Sont homologués comme diplôme de vétérinaire les diplômes sanctionnant, après le baccalauréat et un cycle préparatoire de deux années, cinq années au moins d'études exclusivement consacrées à la pharmacie vétérinaire, à la médecine et à la chirurgie des animaux et à l'économie de l'élevage.

(Le reste sans changement)

---

### Domaines

Par décret n° 94- 63 du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, en date du 19 avril 1994,sont et demeurent abrogées les dispositions du décret n° 88-119 du 15 mars 1988 déclarant d'utilité publique les travaux de construction d'un camp militaire à Andrefan' Ambohijanahary, Antananarivo-Renivohitra, portant acquisition par voie amiable ou d'expropriation des immeubles ou parcelles d'immeubles nécessaires à l'exécution des travaux et constituant acte de cessibilité.

---

## MINISTERE DELEGUE AUPRES DU PREMIER MINISTRE, GARDE DES SCEAUX, CHARGE DES AFFAIRES JUDICIAIRES ET DES NATIONS AVEC LES INSTITUTIONS

Par décret n° 93-1005 du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, en date du 21 décembre 1993, sont et demeurent abrogé le décret n° 88-182 du 3 mai 1988 portant nomination du Directeur de la législation et du contentieux.

---

### Raharaham-pitsarana

### Affaires judiciaires

### FITANANA AN-TSORATRA

**ny fivorian' ny vaomiera miadidy ny fanaovana ny lisitry ny mpitsara mpanampy ao amin' ny fitsarana manokana ny heloka bevava ao Ambositra taona 1994**

### PROCES VERBAL

**de la réunion de la commission d'établissement de la liste des assesseurs à la cour criminelle spéciale d'Ambositra, pour l'année 1994**

Ny valo marsa taona efatra amby sivifolo sy sivinjato sy arivo tamin' ny telo ora tolakandro, tao amin' ny efitra fiasan' Andriamatoa filohan' ny sampam-pitsarana ao Ambositra, ao amin' ny Lapan' ny Fitsarana ao amin' io tanàna io ihany, dia nivory araka ny fepetra voalazan' ny didim-panjakana laharana faha-65-563 tamin' ny 18 aogositra 1965 novàn' ny didim-panjakana laharana faha-76-194 tamin' ny 17 mey 1976 sy ny laharana faha-77-437 tamin' ny 15 desambra 1977 mba hanao ny lisitry ny mpitsara mpanampy ao amin' ny fitsarana manokana ny heloka bevava ao Ambositra amin' ny taona efatra amby sivifolo sy sivinjato sy arivo, ny vaomiera izay misy ireto olona ireto :

L'an mil neuf cent quatre-vingt-quatorze et le huit mars à quinze heures, au cabinet du président de la section de tribunal d'Ambositra, au Palais de Justice de ladite ville, s'est réuni conformément aux dispositions du décret n° 65-053 du 18 août 1965, modifié par les décrets n° 76-194 du 17 mai 1976 et n° 77-437 du 15 décembre